Fiainam-pirenena 3
## Tsy maintsy hifarana ny sarimihetsika rehetra

Tononkira 4
AZA HITSERANA
Tarika Mage 4.

# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Baolina kitra 2
### Mitanila ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 16 septambra 2021 Laharana 1209
Vidiny : 400 Ar

Fanoherana 2
# Morondava ny manaraka tsy mihemotra ny RMDM




Tontolon'ny fanaovan-gazety 2
# Simbain'ny ministra Lalatiana



Rina Randriamasinoro 3
# Tsy mahazaka ny fahamarinana avoakany ny samy mpitondra



Tranga 6
# Trano misa 4 indray may tetsy Ankadifotsy



Behoririka 6
### Vehivavy nandeha moto voaendaka

Soleil Marmailles 4
### Nanome fitaovam-pianarana ankizy tany Ambohitrimanjaka

### Daka kely
Efa lany henatra amin'ny fijapiana tetikasan'olona mihitsy nareo ry Boaikely a !

FANOHERANA

# Morondava ny manaraka, tsy mihemotra ny RMDM

Nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air Ampandrana omaly, ny mpitarika ny RMDM. Fantatra tamin' izany fa tsy hihemotra ity vondrona mpanohitra eto Madagasikara ity manoloana ny ramatahora sy ny antsojay ataon'ny mpitandro filaminana sy ny fitondrana. Nitondra teny omaly io Pasitera Edouard TSARAHAME. Mahakasika ny zava-misy tany Antsirabe, fampihorohoroana tanteraka amin'ny olona tsy mitovy hevitra aminy no ataon'ny mpitondra. Nisafidy ny hametraka jadona ny mpitondra, ka amin'ny anaran'ny RMDM iray manontolo dia manameloka tanteraka ny jadona tadiavina hapetraka eto amin'ny firenena. Ianareo no mitondra ny haizina eto amin'ny firenena, fa izahay kosa hitondra ny fahazavana hoy Pasitera Edouard. Izahay tsy hijanona amin'izao intsony, fa hiroso mandrapaha-tanteraka ireo fehinkevitra nivoaka tamin'ny 23 sy 24 jolay teny amin' nyBy Pass, ary io no vahaolana hitan'ny maro na dia tsy mety aminareo aza, hoy ihany ity pasitera mpanao politika ity. Amin' ny 1 Oktobra ho avy izao dia hidina ny Morondava ny RMDM, ary manasa anareo mpitandro filaminana hiaraka aminay, satria izay alehanay dia misy anareo daholo hoy izy nanohy ny teniny. Ekenay ny fisian'ny mpitandro filaminana, fa tsy ekenay ny hanaovana azy ireo ho herim-pamoretana. Ny ramatahora nataon'ny mpitondra dia nisy fiantraikany amin'ny toetsain'ny vahoaka ary hita taratra izany tany Antsirabe tamin' ny hetsika RMDM. Raha ny zava-nisy anefa dia hita taratra tao ANTSIRABE ny fahavononan'ny vahoaka, saingy very fanahy mbola velona izy ireo nohon'ny ramatahora nataon'ny mpitondra. Hiaro ny vahoaka sy ny fananany, no tarigetra sy filamatry ny mpitandro filaminana, saingy ny fanenjehina ny mpanohitra no asa ataony, ho setrin'ny fanakaraman'ny vahoaka azy.



*Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny RMDM tetsy Bel'Air.*

**Isambilo**

Depiote Fetra Antananarivo faha-5

# Mandrebireby vahoaka koa ny ministra Imbiky Herilaza

Mandrebireby vahoaka ihany koa amin'izao fotoana ny ministry ny fitsarana Imbiky Herilaza, hoy ny depiote Fetra Ralambozafivololona voafidy tamin' ny aantoko TIM tao amin' ny Boriboritany faha- V eto Antananarivo Renivohitra. Nifindra any amin' ity minisitry ity ihany koa ilay werawera, na fisehosehoana, hoy ity olom-boafidy ity, raha ny fihe- tsika izay nasehony, tamin'ny filazana fa homena ireo olona tratry ny kere any Atsimo ny karamany 3 volana. Izay midika ho fandrebirebena saim-bahoaka ihany ny tahaka izao, hanaovana tampi-maso azy ireo. Satria tsy izany no tena andrasan'ny vahoaka amin' ny mpanantateraka, fa ny fampandrosoana ny firenena. Ny fieritreretana ny vahoaka, mba hanana fiainana tsaratsara kokoa amin'alalan'ny fitadiavana , fihariana mitohy sy maharitra no tokony hatao'ny mpitondra hoy ity solombavambahoaka ity. Koa dia mandiso fanantenana tanteraka ny fihetsik'ity minisitra ity, fa vao tafiditra tao amin'ny fitondrana dia nahazo volon-tany, ilay loko volomboasary, ka serasera sy ny werawera no lasa betsaka. Misy fetrany anefa ny fahefan'ny serasera, satria tsy ampy itantanana ny firenena izany, hoy ihany ny depiote Fetra.

**Niaina**



*Ny depiote Fetra, avy amin' ny antoko TIM, ao amin'ny Boriboritany faha-5.*

Tontolon'ny fanaovan-gaazety

# Simbain'ny ministra Lalatiana

Simba ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety amin' izao fotoana, hita sy tsapa fa ny fanaovan'ny ministra Lalatiana tsinontsinona ireo namana mpanao gazety amin'ny haino aman-jery sy gazety an-tsoratra maro samihafa, no tena anton'izany, ao ny fijerena mitongilana ataon'ny minisitra, ny halako bika tsy tiako tarehy ary ny tena olana dia ny tsy fanajana intsony ny holafitry ny mpanao gazety (OJM ) manao fampandehanandraharaha ary miezaka hatrany amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety. Mazava ankehitriny, fa mitsabaka diso tafahoatra amin'ny asan'ny holafitra ny minisitra, ka tsy mitetika afatsy ny tombotsoany sy ny antokony sy ny ho aviny, fa tsy mijery ireo namana mbola mitantana sy manan-kery, fa dia mitetika ny hanova io holafitry ny mpanao gazety io, mba ho mpiray tetika ara-politika aminy avokoa, ka hahafahany manendry izay olon-tiany amin'ny solontenan'ny mpanao gazety eny amin 'ny CENI ohatra, sy hahazoany manova ireo tsy tiany eo amin'ny haino aman-jerim-panjakana ihany koa. Ny 16 oktobra 2021 ho avy izao moa no voalaza sy nambaran'ny minisitra, fa hanatanterahana ny fifidianana izay ho filohan'ny holafitra vaovao, sy ireo mpikambana marobe miisa 94 ao amin'ity holafitra manara-penitra hafakely ity, sy hanimbana ny lazan'ireo mpitantana mbola am-perin'asa tarihin'i Gérard Rakotonirina. Ataon'ity mpitantana ny ministeran'ny serasera ity koa, ny fanimbana ny karatra, izay efa nanomboka tamin'ny taona 2018 ary mbola manankery hatramin'ny taona 2022. Lazaina fa 1500 mahery kely ireo afaka hifidy, izay tsorina fa vaovao eo amin'ny tontolon'ny asa an-gazety amin'ny ankapobeny, misy tsy nianatra momba ny serasera akory na journaliste fantôme, no betsaka, fa ireo efa ela niasana, ampy traikefa dia tsy te-handray anjara, noho ny tsy rariny kasaindRamatoa minisitra atao amin'izany, ka mahatonga ny OJM hilaza hoe: esory amin'ny toerany sao hamimba ny fitondrana.

**Beharo**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Ny hasin'ny firenena

# Voahosihosy raha fifidianana tsy madio no hatao

Mila manamafy ny hetsika ataony ny mpanohitra raha te hisoroka ny tsy iverenan'ny trangan-javatra tamin'ny fifidianana ny 2018 sy 2019. Samy mibaby ny vokatr' izany amin'izao fotoana izao, na ireo nifidy ny olona eo amin'ny fitondrana ankehitriny, na ireo niezaka ny tsy hahalanian'ireo. Iaraha-mahita ny tsy fahombiazany na dia miseho mihetsiketsika etsy sy eroa aza mitaingina ny vavaasa nataon'ny mpitondra teo alohany. Namaky bantsilana sy nanao ampamoaka izany indray tamin'ity herinandro ity ny olona eo anivon'ny antoko miara-dia amin'ny filoha Rajaonarimampianina.

Tsy tokony hohadinoina velively ny trangan-javatra tamin'ireo taona ireo momba ny fifidianana, ka nanakonana ny fahamarinana tsy hiseho masoandro ho fanta-bahoaka. Anisan'ny voalohany misongadina amin'izany ny tsy fahamarinan'ny voka-pifidianana. Niseho izany tamin'ny faritra sy toerana maro, ary nisy tena nampiteny ny moana mihitsy. Saika noezahan'ireo mandala ny fahamarinana nampahafantarina ny vahoaka teny anoloan'ny Lapan'ny tanàna izany, fa nihazakazahana nanaovana herisetra sy noraofina ireo fitaovana nampiasaina tamin'izany. Teo ihany koa ny resaka "doublon" marobe, izay nohamafisin'ny mpikambana iray teo anivon'ny Ceni ny fisiany. Niaraha-nahita ny nanaovana io olona io sy ny niafaràny. Nisy ihany koa, olona niteny avy anatin'io vaomiera io ny momba ny fitaovana ampiasain-dry zareo tamin'ireny izay manahirana ihany.

Ankoatra ireo, teo amin'ny voka-pifidianana, raha tsy horesahana ny tsy milamina araka ny fahitan'ny mpanara-baovao azy, dia mahavariana ny tsy namerenana ny fifidianana tamin'ireo toerana maro, toy ny tao amin'ny kaomina Moramanga. Momba ny fifidianana ben'ny tanàna io. Ary fantatra fa maro ny kaomina tsy manana ny ben'ny tanànany hatramin'izao.

Maro ny tranga tsy milamina amin'io seha-pifidianana io. Ho an'ny mpanadihady dia mifandray tendro ny mpitondra, ny eo anivon'ny Ceni, ary ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana. Mahalala izany ary manana ny heviny ny olom-pirenena momba ireo. Ankehitriny dia sadasada manan-tsoratra ny zava-misy eo amin'izy ireo. Efa nisy nampiaka-peo ny antoko na fikambanana, izay nitsinjo fa mampanahy ny amin'ny fifidianana amin'ny ho avy. Misy sahady ny "ahiahy tsy ihavanana", mbola firy taona aty aloha sahady. Manahy sao hiverina ny paipaik'ady samihafa entina mandrombaka ny fahefana. Raha tena mandala na mba mihevitra ny hamerina ny fahamarinana izao fitondrana izao dia mila ezahina marina ny hanàla izany ahiahin'ny olom-pirenena izany amin'ny alalan'ny fihetsika na fiteny ary indrindra fepetra raisiny. Fa hihodinkodina eto fotsiny tsy hisy fivoarana mazava sy fandrosoana misongadina ny firenena raha miverina ny zava-nisy teo aloha. Tsy hahasoa ny firenena izany. Anjaran'ny mpanohitra ny mitady ny fomba tsy iverenan'izany intsony, fa handeha amin'ny mangarahara sy amim-pahamarinana ary am-pahamendrehana ny fifidianana izay hotanterahany eto amin'ity firenena ity. Amin'izay ho voatandro ny hasin'ny firenena.

**Sôh'son**

Baolina kitra

# Mitanila ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena

Nanainga omaly alarobia 15 Septambra 2021 tolakandro, ireo mpilalao baolina kitra avy amin'ny CFFA ( Centre de Formation de Football d'Andoharanofotsy), hiatrika ny lalao famerenana amin'ny Kabwe Wariors avy any Zambia, izay hatao amin' ny alahady 19 Septambra 2021, any Lusaka no ho tanterahana ny fihaonana. Nihazo an'i Addis-Abeba aloha ireo mpilalao, ka natory tany omaly alina, androany maraina vao namonjy an'i Lusaka, tsiahivina fa nirava ady sahala samy tsy nisy nitoko ny roa tonta tamin'ny lalao mandroso notanterahina tetsy Mahamasina ny alahady 12 Septambra 2021 teo.

Marihana fa ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena no niantoka ny sarandalana, sy izay mety ho lany any antoerana. Ny tenan'Ingahy Minisitra mihitsy no nanambara sy nanolotra izany fanampiana izany , ary mbola nampiana tsodrano ihany koa.

Tsy misy maharatsy ny fanampiana ireo solontena malagasy miatrika lalao iraisampirenena, saingy tsy rariny kosa ny fitanilana ataon'ireo mpitondra, satria ny AS ADEMA koa dia anisan'ireo tokony hisolotena antsika malagasy amin'ny fiadiana ny amboaran'i Afrika, kanefa dia tsy afa-nandeha satria tsy nanana ny ho entimanana, ny mpitondra etsy andaniny tsy te hahalala, izao anefa dia mahita vola ny minisitera satria ekipan'Ingahy Tôta, izay avy amin'ny antokon'ny fitondrana, ity ekipan'ny CFFA ity.

Ny fampidirana resaka politika no nahasolafaka ny ekipampirenena malagasy amin'ny baolina kitra, tamin'ireo lalao roa nataony, izao indray dia mbola asisika ihany io fomba mamohehitra io.

Enga anie ka tsy hisy fiantraikany amin'ny lalao famerenana hatao any Lusaka, ny fomba ratsin'ny fitondrana.

Ny Gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary soa hatrany ireo solontena malagasy hahazo fandresena .

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fiainam-pirenena

# Tsy maintsy hifarana ny sarimihetsika rehetra

Maro loatra ny fiezahan'ny mpitondrana amin'izao fotoana izao, hanarotsarona ireo adalana nataony nandritra izay roa taona sy sivy volana, nanomezan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny fahefana azy izay. Saika naharitra valo ambinifolo volana koa ny hamehana ara-pahasalamana (état d'urgence sanitaire), ka nahafahan' ny mpitondra nanao izay tiany natao teo amin'ny fitantanana ny Firenena. Nitsakitsahana ny Lalàmpanorenana, ka namoahana lalàna mizotra any amin'ny jadona sy tsy refesi-mandidy ary fanaparam-pahefana. Ny tena manahirana dia na ny fahefana atao hiaro (Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana) sy hanitsy izany lalàna mivoana izany aza dia mamoaka didy manana endrika politika, izay toa midika fa mijoro amin'ny fitongilanana ity andrimpanjakana ity, angamba, noho ny trosa ara-moraly amin'ny filohan'ny Repoblika izay nanendry azy ireo. Manampy trotraka izany ny fahitana fa toa manana ilay zo tsy azo enjehina (immunité) toy ny parlemantera ireo mpikambana ao amin'ny governemanta. Tsara ho fantatra anefa, fa na ny filohan'ny Repoblika aza dia tsy misitraka izany zo izany. Anisan'ny lehibe amin'izany tsy fanajana ny Lalàmpanorenana izany ny fanendrena governora ho solon'ny Lehiben'ny faritra, kanefa dia nanambara ny andrimpanjakana voalaza etsy ambony, fa vonjimaika ihany izany anarana izany. Tsy vitan'izany fa araka ny Lalàmpanorenana ihany dia fidian'ny mpifidy vaventy (grands lecteurs), ny Lehiben'ny Faritra, fidiana kanefa dia neken'ity mpiaro ny Lalàmpanorenana ity ihany koa ny fanendrena. Iaraha-mahalala ihany koa ny nanaovan'izao fitondrana izao ny Antenimierandoholona izay mpifidy vaventy, anisan'izany ny Ben'ny tanàna sy ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny tanàna, no mifidy ny Loholona kanefa dia misy tanàna eo amin'ny roapolo eo no tsy mbola afaka nifidy, satria mbola tokony haverina ny fifidianana. Neken'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana anefa ny voka-pifidianana, satria vitsy an'isa ireo tanàna ireo raha miohatra amin'ny kaominina rehetra manerana ny Nosy. Nahena ho efa ampahatelon'ny mpikambana teo aloha ny isan'ny Loholona satria hono, mpandany vola ity Andrimpanjakana ity, kanefa dia mitovy amin'ny tetibola teo aloha ihany no nomena ity rafitra ity. Tsy mbola nisy teto amin'ny Firenena izany parlemantera nantsoina nivory tany amin'ny Lapampanjakana hafa, ankoatry ny eny amin'ny Lapany, momba ny resaka tetibola, raha tsy amin'izao fitondran-dRajoelina Andry izao. Mazava ho azy izany, fa ny rafitra mpanara-maso indray no mandray baiko avy amin'ny rafitra arahi-maso. Manaporofo fa manana ny zo tsy azo enjehina ireo mpikambana ao amin'ny governemanta ny raharaha "bonbons sucettes" sy "écrans plats", satria tsy nisy nenjehina teo amin'ny fitsarana ireo minisitra voakasik'izany. Toy izany koa ilay tandapa nanodinkodim-bola tao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika, izay nalefa any amin'ny Masoivoho any Frantsa. Amin'izao fotoana izao dia miparitaka, azo lazaina fa maneran-tany mihitsy, ny raharaha mahakasika ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina. Niaiky ny Préefet de Police eto an-drenivohitra, fa nisy ny poabasy ary efa nasaina nanatitra ny basy any amin'ny mpitandro ny filaminana ilay nitifitra. Manamarina izany, fa ny vadin'ny minisitry ny Serasera sy Kolontsaina no nitifitra. Nisy finiavana namono olona (tentative de meurtre), izay voaheloky ny lalàna izany tao amin'ity rangahy ity. Amin'ny maha tomponandraikitra ambony azy (sekretera jeneralin'ny minisitera iray) ve dia tsy afaka misambotra sy manao famotorana azy ny mpitandro ny filaminana, sa amin'ny maha vadina minisitra azy? Tsiahivina fa rehefa nandrara ny solombavambahoaka tsy nanao tatitra tetsy amin'ny Lapan'ny Tanàna ny "Préfet de Police" dia nosamborina ny olona iraika ambinifolo nanao akanjo mena, ny 20 Febroary 2021, kanefa tsy nisy basy nipoaka. Tsy sahy manala ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, sy ity sekretera jeneraly ity, na ny filohan'ny Repoblika, na ny Praiminisitra hatreto, ka te-hahafantatra ny anton'izany ny mpiray Tanindrazana, satria tsy manafoana ilay tranga teny Ambatobe velively ny fanadiovantena nataon'ny minisitra tao amin'ny haino amanjerim-pirenena. Efa foana ny hamehana ara-pahasalamana, tsy tokony ho afaka hanao izay tiany hatao intsony izao fitondrana izao, ka tsy ny tantara no hitsara fa tsy maintsy hifarana ny sarimihetsika rehetra.

***Andry Tsiavalona***

Harifidy Ramanandraibe

# Tsy mendrika ho mpitondra tenin'ny governemanta intsony i Lalatiana

Naneho ny heviny mahakasika ny olana eo amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety sy ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, ny mpanao gazety sady mpamakafaaka politika Harifidy Ramanandrai-be. Nambarany fa tsy mendrika ny ho mpitondra tenin'ny governemanta intsony ny mini- stra Lalatiana Andriantogarivo Rakotondrazafy. Matoa ny filoha tsy nanome fahefana feno ny minisitry ny serasera intsony, fa nametraka azy ho mpitondra teny faharoa dia efa tsy manana fahatokisana feno aminy intsony izy izay hoy i Harifidy. Tsapa koa, fa tsy mendrika ny ho mpitondra tenin'ny governemanta intsony raha ny minisitra Lalatiana manoloana ireo feo maro miely. Ataony fitaovana entina anamarinany tena fotsiny ary hamaliana ny hafa ny fandaharana ataony ao amin'ny haino amanjerimpanjakana. Be loatra ihany koa ny werawera na fisehosehoana, sy ny zavatra misolitika mahakasika ny filoha Rajoelina, hoy ity mapanao gazety ity, manjary izy indray no miteny eo amin'ny toeran'ireo minisitra.

***Niaina***



*Ny mpanao gazety, Harifidy Ramanandraibe.*

TONONKALO

## KIANJA BAREA

Kianja raitra saingy hatreto tsy ahitana fahombiazana,
Ka mihomehy anakampo ireo rehetra izay mitazana.
Ireo natsangan`ny mpitondra, mampisaina avokoa,
Fa raha hoe nisy zato angamba , iray dia iray no mahasoa.

Tena tsy hainy ny manavaka "ny maika" sy "ny lohalaharana",
Fa ny masaka ao an-tsainy , revirevy tsy mifarana.
Fitokanana kianja no natao nipoapoaka.
Izany ve no fanafody raha mahantra ny vahoaka ?

Indroa misesy izao ny gasy no efa niakatra ilay kianja,
Saingy hatreto aloha ny vokatra , tsisy iray izay manjamanja !
Fa dia resy teto an-taniny , na tsy nahavaky atody,
Ka dia sento sy alahelo hatrany no indro nenti-nody !

Angamba indray dia hiova anarana itsy kianja tena raitra,
Raha mitohy ny fahavoazana, hifandimby ny mafaitra.
Ho lasa "kianja foza" indray fa io ihany no mahery,
Ka ny hany hiakatra ao dia mety ho ny mapara irery !

***IRINA HO TAFITA (14-10-21)***

RINA RANDRIAMASINORO

# Tsy mahazaka ny fahamarinana avoakany ny samy mpitondra

Nomarihana omaly 15 septaambra ny andro iraisam-pirenena ho an'ny demokrasia. Naneho ny heviny mahakasika izany ny Sekretera Jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro araky ny famaritana ny antsoina hoe demokrasia dia fehefana avy amin'ny vahoaka ary hampiasaina ho an'ny fampandrosoana, izay ny vahoaka no mamaritra azy. Zo fototry ny olona iray ny maneho hevitra sy mivezivezy an-kalalahana, ao anatin'izany ihany koa ny fangaraharana eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena.
Mahakasika an'i Madagasikara manokana, na ny samy mpitondra aza dia tsy mazaka ny fahamarinana avoakany, ary mazava ho azy fa rehefa misy fahamarinana tian'ny mpanohitra havoaka dia tsy zakany izany tsikera izany.
Raha fintinina dia mbola manjaka ny teritery sy ny tsy fahalalahana maneho hevitra, aoka anefa tsy adino, fa hahatonga saina ny vahoaka malagasy ny fihetsika tahaka izany ary hiteraka zavatra hafa ihany koa ny fanelingelenana ny zon'ny olona raha ny nambarany hatrany.

***Helisoa***



*Ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro.*

Fandevenana ny jeneraly Solamena

# Nifanotrona ny antoko TIM

Nodimandry ny aalahady teo ny jeneraly Solamena, izay Iandro Robertson no tena anarany. Ny alatsinainy lasa teo no notanterahina ny fandevenana ny nofo mangatsiakany tany Manjakandriana faritra Analamanga. Raha tsiahivina dia mpikambana CT tamin'ny fitondrana tetezamita ny tenany, izay natolotry ny antoko Tim tamin'izany fotoana. Tsy nadino ireo soa vitany na teo amin'ny asa samihafa, na teo amin'ny sehatry ny pôlitika ny mpikambana Tim ary nanome voninahitra sy nanotrona tamin'ny fandevenana ny nofo mangatsiakany. Mirary fiononana ho an'ny fianakaviany ny gazety Ny Valosoa Vaovao.

***Rajo***

**FIKAMBANANA SOLEIL MARMAILLES**

## Nanome fitaovam-pianarana ankizy tany Ambohitrimanjaka

Noho ny fahasahiranana mahazo ny ray amandrenin'ny mpianatra amin'izao fanombohan'ny taom-pianarana vaovao 2021-2022 izao, ankizy miisa 100 tao Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo, no notoloran'ny fikambanana Soleil Marmailles avy atsy amin'ny Nosy La Réunion fitaovampianarana samihafa ny faran'ny herinandro teo. Nankasitraka ny fikambanana Soleil Marmailles tarihin'i dokotera Tiana sy Sylvie Razafintsalama Malagasy monina atsy La Réunion, ny ray amandrenin'ireo mpianatra, noho ny fanampiana natao azy ireo. Nanolotra izao fanomezana izao ny solontenan'ny fikambanana eto Madagasikara.

***Aly***




***Ankizy mpianatra anisan'ny nahazo fitaovam-pianarana tany Ambohitrimanjaka.***

**Dr Bariniana Fidy**

## Miovaova ny vanim-potoana mamparefo ny olona salama manoloana ny coronavirus

Tsy voatery ho matanjaka ara-pahasalamana mandavan-taona ny olona iray, manoloana ny fivoaran'ny aretina “Coronavirus”, hoy ny Dokotera Bariniaina Fidy ary tsy ireo olona voan'ny Diabeta, na misy tosi-drà, na ireo olona matavy irery ihany no antsoina hoe marefo. Nilaza Drc Fidy, fa miovaova arakaraky ny vanim-potoana, no mamparefo na tsia ny olona salama vatana iray ary betsaka ireo tranga mamparefo ny olona salama vatana iray, ao anatin' izany ny tsy fahampiana torimaso, ny faharerahan' ny vatana nohon'ny asa mafy ataon'ny olona , ny fihinanana sakafo, na fanafody mampilatsaka ny hery fiarovana, ny fidiran'ny aretina tampoka hafa toy ny raboka, ny tsy fahampiana sakafo, ny fitondran'ny vehivavy vohoka, ny fandrosoan'ny taona, ny fipetrahan'ny olona amin'ny toerana mando tsy misy rivotra, ka tsy tratran'ny hainandro ary manome aina ny aretina ao anatin'ny vatana ny olona iray lena tratran'ny orana. Nanamafy izy, fa tokony hampiakatra ny hery fiarovana amin'ny alalan'ny fanaovana vaksiny ny olona amin'izao fotoana izao, satria haingam-pifindra no sady matanjaka ny “Variant Delta” ary mety ho tonga eto Madagasikara ity aretina ity, satria efa hisokatra amin' ireo firenena any ivelany ny sisintanin' i Madagasikara hanomboka amin'ny volana ambony. Namarana ny fanehoan-keviny ity Dokotera ity, fa tokony ho tohizana hatrany ny fanarahan'ny olona ny fepetra sakana na dia efa mitsahatra aza ny fepetra ara-pahasalamana ary mampahatsiahy ny olona ity mpitsabo ity, fa aretin'ny fitaovam-pisefona ny “Coronavirus”, izany hoe aretina mifindra amin' ny alalan'ny piti-drora sy ny kohaka, ka tokony ho mailo mandrakariva ny olom-pirenena.



***Dr Fidy Bariniaina.***

***Franck Razakambelo***

## Mazotoa mihira

***Tao aorian'ny fihibohana sy ny hamehana ara-pahasalamana teto amintsika, hamaky lay ny sehatra ao Antsahamanitra ny Tarika Mage 4 ny alahady tolakandro ho avy izao. Hiran'izy ireo no atolotra anao androany : Mage 4, Aza Hitserana. Koa dia mazotoa mihira ary e!***

### Aza hitserana
**Mpihira : Tarika Mage 4.**

Tonga teto ianao
nilaza fa nahita ilay fitia
lay nirianao hatrizay ka hatrizay
Mba faly anie aho
f'angamba ho sambatra amin'zay ianao
f'ilay fitia teto amiko angamba tsy ampy

Niala teto ianao
Fo mangaina sisa navelanao mba ho ahy
Fa tsy ho ahy ianao fa hiova fitia vaovao

Ny alahelo..............

Ny alahelo tanatiko tao
nafeniko tsy ho hitanao
noeferiko ilay hany hasambarako

Fa raha sendra
mandalo mamangy any aho
ka maso manganohano no hitanao
raha mijery anao aho tsy sahy
tsapanao fa toa mafy izany adimpanahy
aza itserana akory aho
efa sambatra ianao
ampy izay




## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy kabaro** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao rony izany, na atao marihidrihitra koa. Dia mazotoa homana tompoko .

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny arina na saribao



Ny soa azo amin'ny aarina na saribao indray, no Mahasoa zeto aamin'ny gazetinao androaany : manala ny poizina ao anaty izy: Raha misy olona nihinana sakafo voapoizina, toy ny trondro, atody, sy izay sakafo efa samba, ka nisy poizina ireny dia ny fihinanana charbon no mahafaka azy.
Raha misy olona nihinana fanafody diso daozy, izany hoe tafahoatra ny daozin'ny fanafody nohaniny, dia charbon ihany ampiasaina dia manala ny vokadratsin'izay fanafody izay.
Manala ny loto amin'ny hodi-tava ihany koa izy , ka izany no mahatsara azy anaovana masque amin'ny tarehy.
Manadio sy mahafotsy nify ny saribao.
Manala ny aretin'ny tsinay izy. Manala ny rivotra ao anaty tsinay, ampiasao amin'ireny olona lasa mibontsina kibo be ireny isan'andro, mampitsahatra ny aretin-kibo sy ny fivalanana.
FAMPIASANA AZY:
Totoina tsara ny saribao (kininina no tsara kokoa), sivanina amin'ny passoire, mba hahazoana ny vovony malemy tsara, afaka tehirizina anaty bocal iny.
Olondehibe: indroan'ny sotrokely feno , atao anaty rano iray vera, haroharoina tsara dia sotroina.
Zaza: eran'ny sotrokely atao anaty iray vera.
Afaka averina isaky ny adiny enina io.
Aza gaga fa ho lasa mainty be ny tay.
Marihina fa tsy mandaitra na tsy mahomby ny arina raha sendra misy fanapoizinana mahery vaika avy amin'ny zavatra sasany: asidra na base, alikaola, solvent, solika.
Aza atao mifanakaiky amin'ny ora fihinanana fanafody ny hihinanana saribao, fa lasa tsy mandaitra izay fanafody nohanina, asio elanelana adiny roa.
Tsy atao amin'ny fotoana fisakafoana ihany koa,
Tsy mety amin'ny vehivavy bevohoka.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Sakoamadinika, distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Sakoamadinika, distrikan'i Tsaratanana faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Sakoamadinika ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Tsaratanana. Kaominina vaovao vao niforona any amin'ny distrikan'i Tsaratanana ity kaominina ity. Mpamboly vary ny mponina any Sakoamdinika, mpiompy omby ihany koa. Io resaka fiompiana io dia anisan'ny fototry ny tsy fandriampahalemana any an-toerana.



# NY TENY FIAINANA

*"Ary ny oloko marina dia ho velon'ny finoana; fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko."*

***Hebreo 10:38***

facebook NY VALOSOA

## Mbola tsy miasa hatreto ny lohamasinin'ny FCE

**Jean-Luce Randriamihoatra :** fifamoivoizana FCE. Apetraka eto fotsiny koa ... Resaka "freins-à-vide" izany (hono) no mbola tsy ahafahan'ireo loha-masinina miasa ... na dia efa notokanana aza ?
Izao alina izao mantsy vao mba mandeha ny herinaratra aty amin'ny misy anay aty, dia sendra itony resaka itony.

**Hajatiana Rasoloniaina :** hy zavatra tsy tomombana no nafaraana ve e ?

**Andriamahery AR :** fiaramanidina, mandady! Nariana fotsiny! Izao indray ny lamasinina, tsy mandeha akory… Dia mbola misy sahy miteny ihany hoe mahavita zavatra izao fitondrana izao…

**Solohery Rabezandrina :** werawera no betsaka fa zavatra tsy mandeha kay no novidiana.

**Philippe Randria :** mbola hitady mpamily lohamasinina koa hoe.

**Tojo Jaofe :** Tongobolo.

**Jules Roger Rafanomezantsoa :** lohamasinina efa tany amin'ny brocateur tsy afaka miasa no notokanana raha izany.

**Lucie Ravaoarisoa :** manao fandehan-tsokatra maarina tokoa ilay TGV e!

**José Narcisse Randria :** mitokana freins à vide indray izany atsy ho atsy ko ! Fitondrana mampihomehy !

**Lucie Marie Rasoarisoa :** zavatra tsy mandeha ve hotokanana ?

**Rija Randriamahenintsoa :** ho tokanana indray tokoa izany io rehefa ho avy ny frein à vide.

**JR Raben :** kivy amin'ity rangahy ity aho, diso tafahoatra ilay werawera, hany ka na asana sefo fokontany aza salovanina.

**Rhasa Dianne :** i werawera ve? Filou tsy mahalala menatra intsony io e!

**Bodo Ramiandrisoa :** asio cvo dia mandeha io lohamasinina io amin'izay!

**Alisoa Lucile :** azafady a, misy tantarany koa ireo lohamasinina ireo ! tsy an ' i velirano reo fa mana-tompo ny projets koa a, vao heno omaly t@ miaramanonja! f' angaha na d hoe efa ela aza d tadiavina solokiana ndray ny projets an' ny taloha ? nandrava ràha bevata r'ingahy nareo vao nivoaka tany andavakareo tany ry Président procambaruis ve e ! mahaiza manetry tena re, fa izany continuité de l'état izany dia voninahitra ny manohy azy, fa tsy fatao vandy fatikambo e ! cqfd, tsy misy ràha vitany lingahy mihitsy natà raiky afa-tsy Epp triatra @ tafo lasan ' ny rivotra ! looza . mialà fa tsy mahay raha. 0 Ar.

**Adafi Randrianarijaona :** merci président fa manana loha-machine tsy



afaka miasa fa atao exposition @ vitrine ny vahoaka mampiasa ny FCE. Fa tsy misy toa anao hoy ilay hira izay raha mbola fitia e!

**Fetra Rakotoarisoa :** werawera tsy maintsy mandeha aloha ny an'i Rainidedaka.

**Jean Luc Misa-el Randriamiadanjato :** reko ny fanamarrrrihanarrrreooo! Fa ny werrrawerra tsy maintsy mandeha!

**Alisoa Lucile :** mazava be ny sary. ny vataben'ny lohamasinina no tao, fa ny kojakoja madinika apetaka aminy taraiky any noho fahatapahan ' ilay projets . Tsy sahy manafatra ny accessoires, satria mpanongam-panjakàna hatreto : tsy afaka ny qualificatif io + sans qualité ! oadray !

**Armelle Rakotondravony:** zavatra tsy mandeha aakory kay ity lohamasinina hilingilinkian-dRainidedaka ity. Tena Filou mampihomahy sy mamplahelo mihitsy.

**Feno Bertrand :** ny téléphérique koa nokoragniny fa haataao tany Paris ary Trésor Français hi-financer izy. Trésorndreo aza sahiragna amin'izao ty, koa inona raha hi-financer-ny ny démagogie an'i Ra-werawera ?

**Rachelle Rafamatanantsoa :** fisehosehoana no be, ve raha vidiana sy hafarana hay raha tsy mbola mandeha. Ho tokanana fanindroany indray rehefa tonga izay zavatra hampandeha azy izy. Hihihiiiiiii!

**Cathia Rakotondrabe:** efa projet an'ny teo aloha io no tohizan'ny amin'izao fotoana, mpijapy ny projet efa naatomboky ny tany aloha hatrany ity fitondran-dRajoelina: Rainidedaka ity!

**Camille Rasoloson:** nareo ve vaovao amin-dRainidedaka filohan'ny mpanongam-panjakana indray e! zavatra tokony hotokanan'ny ministry ny transport izy no manao azy, salovaniny avokoa ny tokony ho andraikitry ny responsable hafa rehetra, manao toa an'ilay ministra akohovavy maneno koa.

**Sylviane Rabehanta:** ity ilay hoe fitondrana mihazakazaka tratran'ny miadana, TGV manao dian-tsokatra.

### "CHAMPION'S LEAGUE MALAGASY 2021"

# Fantatra ireo fandaharan-dalao rehetra

Fantatra avokoa ankehitriny ireo fandaharan-dalao rehetra, amin'ny fifaninanana baolina kitra, fiadiana ny amboaran'ny "Champion's League Malagasy 2021" dingana faha-2, izay ho tontosaina any Toamasina sy any Fiaranarantsoa hanomboka rahampitso zoma 17 septambra 2021, ka hatramin'ny alahady 26 septambra 2021 (andro 5). Any Toamasina kianja "Barikadimy Stadium", Zoma 17 septambra 2021 (J1) : 12:30-Fce Atsinanana # Mama Fc Betsiboka. 15:00-Dato Fc Atsimo Atsinanana # Fco Boeny. Alahady 19 septambra 2021 (J2): 10:00- Mama Fc Betsiboka # Fco Boeny. 12:30-As Fanalamanga Alaotra Mangoro # Dato Fc Atsimo Atsinanana. 15:00-Tam Port Berger Sofia # Fce Atsinanana. Alarobia 22 septambra 2021 (J3): 10:00- Tam Port Berger Sofia # Mama Fc Betsiboka. 12:30-As Fanalamanga Alaotra Mangoro # Fco. 15:00- Dato Fc Atsimo Atsinanana # Fce Atsinanana. Zoma 24 septambra 2021 (J4) : 10 :00- Fco Boeny # Fce Atsinanana. 12:30- Dato Fc Atsimo Atsinanana # Tam Port Berger Sofia. 15:00- As Fanalamanga Alaotra Mangoro # Mama Fc Betsiboka. Alahady 26 septambra 2021 (J5) : 10:00- Fco Boeny # Tam Port Berger Sofia. 12:30- Mama Fc Betsiboka # Dato Fc Atsimo Atsinanana. 15:00- Fce Atsinanana # As Fanalamanga Alaotra Mangoro. Any Fianarantsoa kianja "Stade Moderne Ampasambazaha", Zoma 17 septambra 2021 (J1) : 12:30-Dcf Anôsy # Jet Ravinala Bongolava. 15:00-Eden Boeny # Precisport Matsiatra Ambony. Alahady 19 septambra 2021 (J2): 10:00-Jet Ravinala Bongolava # Eden Boeny. 12:30-Jfc Atsimo Andrefana # Precisport Matsiatra Ambony. 15:00- Dcf Anôsy # Fc Grand Sud Est Menabe. Alarobia 22 septambra 2021 (J3): 10:00- Precisport Matsiatra Ambony # Fc Grand Sud Est Menabe. 12:30- Jfc Atsimo Andrefana # Jet Ravinala Bongolava. 15:00- Dcf Anôsy # Eden Boeny. Zoma 24 septambra 2021 (J4) : 10 :00- Eden Boeny # Jfc Atsimo Andrefana. 12:30- Dcf Anôsy # Precisport Matsiatra Ambony. 15:00- Fc Grand Sud Est Menabe # Jet Ravinala Bongolava. Alahady 26 septambra 2021 (J5) : 10:00- Precisport Matsiatra Ambony # Jet Ravinala Bongolava. 12:30- Fc Grand Sud Est Menabe # Eden Boeny. 15:00- Dcf Anôsy # Jfc Atsimo Andrefana.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny Dato Fc Atsimo Atsinanana 2021.*

### Lalao miverina "Coupe de la CAF"

# Afaka ho any Zambia ny Cffa

Afaka hiondrana ho any Lusaka Zambia ny ekipan'ny Cffa Madagasikara eo amin'ny baolina kitra, hifanandrina amin' ny ekipan'ny Kbwe Warriors Fc Zambiana, eo amin'ny lalao miverin'ny fifaninanana savaranonandon'ny fiadiana ny amboaran'ny CAF 2021 amin'ny alahady 19 septambra ho avy izao. Nahazo tapakila fiaramanidina avy amin'ny fitondram-panjakana izy ireo raha ny fantatra afak' omaly, tetsy amin'ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena Andohanalakely. Raha ny fantatra ihany koa dia ao amin'ny kianja "National des héros" any Lusaka Zambie, no hanatanterahana an'ity lalao ity.



*Ny ekipan'ny CFFA Madagasikara.*

***Rainilita***

### Basket N1B vehivavy sy U 20 zazalahy

# Mitohy any Mahajanga ny fifaninanam-pirenana

Mitohy any Mahajanga ankehitriny, ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy N1 B vehivavy sy sokajy U 20 zazalahy, izay efa nanomboka tamin'ny sabotsy 11 septambra 2021 lasa teo, ka hifarana amin'ny alahady 19 septambra ho avy izao. Voka-dalao azo tamin'ny andro faha-4 (talata 14 septambra 2021), natao tao amin'ny kianja "Complexe Sportif Mahajanga", sy tao amin'ny kianja ivelany amin'io toerana io. Sokajy N1 B vehivavy : Ffpro-Bctm vs Bcest (41-35). TGbc vs Asa (28-36). Mb2All vs As Emma (52-39). Asf vs Ybbc (21-42). Btbbh vs Aseim (45-37). Sokajy U 20 zatovolahy : Crjs vs Asbm (65-46). Ffpro-Bctm vs Usjfm (59-79). Bcgt vs Ascut (30-67). Ascb vs Dtsc (66-53). Bcb vs Epab (47-18). Serasera vs Jsb (60-38). Cosfa vs Bcest (61-75).



*Fifaninanana basket 2021 any Mahajanga.*

***Rainilita***

BEHORIRIKA

## Vehivavy nandeha moto voaendaka

Henjana ny resaka fanendahana olona etsy Behoririka sy Soarano amin'izao fotoana. Vehivavy iray nandeha moto no voaendaka teo Behoririka. Nisy fitohanan'ny fifamoivoizana, ka teo no nohararaotan'ireo "ankizy" ny nisintona ny bracelet volafotsy an'ilay vehivavy nitondra moto. Araka ny nambaran'ny voaendaka dia ankizilahy kely eo amin'ny 13 na 14 taona eo ireo mpanendaka. Nanambara ity farany : « tsy ilay zavatra lasa no mampalahelo, enga anie mba hihinanany sakafo soa amantsara, malahelo ve moa tsy alahelo, fa raha naha-



*Anisan'ny lasibatry ny mpanendaka koa ny bracelet volafotsy toy izao.*

voky azy mianakavy kely dia tsy olana, tsofina rano. Fa... eto izaho dia hanaitra ny manampahefana rehetra hoe matoa misy ny fanendahana sy ny fangalarana dia NOANA (MOSARY) RAMALAGASY. Ka raha mbola midangana sy tsy misy fiovana ny vidim-piainana, raha mbola betsaka ny tsy an'asa dia miomàna fa tsy mbola ho tapitra izao trangan-javatra izao. Ka omeo asa ny Malagasy, asaivo mandeha an-tsekoly ny zaza, fa aza arenireny, ary raha misy tratra amin'izy ireny : ny mpanendaka sy ny mpangalatra dia halefaso any amin'ny toerana lavitra any hanompo fanjakana. Dia samia isika mailo, fa ny ratsy tsy kely làlana amin'izao fotoana izao ».

**Stefa**

Fitandroana filaminana

## Zandary manam-boninahitra 3 hiofana any Sénégal

Zandary manamboninahitra miisa 3 mirahalahy handeha handrato fiofanana any Sénégal. Fiofanana haharitra herintaona mitondra ny anarana hoe: "Cours d'Application des Officiers de la Gendarmerie (CAOGN)", no hataon' izy ireo any Ouakam Sénégal. Marihina fa nisedra fifaninanana izy ireo vao izao afaka hanaraka io fiofanana fanitaram-pahaizana io izao.

Nitso-drano azy ireo ny Jeneraly Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena (SEG), Gellé Serge, ary nanome ireo toromarika sy hafatra ho azy ireo



*Ireo zandary 3 mirahalahy nahazo tso-drano tamin'ny SEG.*

amin'izao handehanany any ivelany any izao. Ny sabotsy 18 septambra ho avy izao no hanainga izy telo mirahalahy ireto.

**Stefa**

Tranga

## Trano misa 4 indray may tetsy Ankadifotsy



*Ny fahamaizna nisy tetsy Ankaadifotsy.*

Nisehoana haintrano mahatsiravina tetsy Ankadifotsy, ao amin'ny Boriboritany faha-3 eto Antananarivo Renivohitra omaly. Trano miisa 4 mifanakaiky no indray may nandritra izany. Niezaka namono ny afo ireo mpiray vodirindrina tamin'ireo niharam-boina, sy ny mpamonjy voinan'ny kaominina. Olona roa no voalaza fa tsy hita nandritra izao haintrano izao, izay mety namoy ny ainy noho ity loza izao. Mbola manao ny fanadihadina amin'ny antony nahatonga ny loza ny tompon'andraikitra.

**Niaina**

## Taratasin'ny mpamaky

Koragna ampitaina amin'ny gazety manaraka zao ty ! Aoka hazava tsara koragna satria lasa mandiso ny fomba fijery tsy mety satria efa matetiky miverina loatra koragna ty. Miala tsiny @ narô mgnagno teny fisaorana Mr le Président amin'ny fahavitany lalagna mampitohy Diégo- Ramena fa tsisy hidirany io asa fanamboaragna lalagna hanagnatiny Commune Urbaine Diégo. Fa ny fampandrosoana ny tanàna ny Antsiranana manokana dia avy @ fiara miasa misy @ Commune Urbaine de Diégo sy Projet PIC II, na Projet PADEV. Zany hoe projet communal le izy fa tsy Projet Présidentiel. Io dia fiara miasa vokatran'ny fahaizana mitantana ny tompon'ny andraikitry ao @ Commune zay vo afaka misitraka ny Projet PIC, na Projet PADEV anisan'ny zegny Commune sy ny Région maro maro eto Madagascar (Diana, Morondava,…). Donc, mankahery hatrany ary mankasitraka ny Mr le Maire Djaovodjozara satria asa vita no hifampitsarana, efa ho avy koa zao ny Projet PIC III. Hampitapitao… Mankasitraka.

**Jho Makoalahy**
**Tanambao Antsiranana**

Teny Mandrosoa Ivato vao avotra

## Vehivavy tratry ny manaramody tany Toamasina

Nidiran'andro amin'ny fitenenana ity ramatoa ity. Mpivarotra mandehandeha izy io ary tany amin'ny faritr' i Toamasina no tena betsaka naandehanany. Manambady izy io saingy jilajila amin'ny fitenenana, ka nifankatia tamina bezanozano tany an-toerana. Saika hanataka fotsiny anefa no tena tao an-tsainy, saingy ny hanambady azy kosa no tao an-dohan'ilay ranamana. Vao nikasa hody ity vehivavy ity dia narary sy nivonto ny fivaviany ary nivoaka ranon-javatra hafahafa izany. Nitady olona mpanasitrana fa tsy avotra, ka naleony nody haingana taty Antananarivo ary niantso an'i Jessica 0338739541 mpitsabo eny Mandrosoa Ivato. Vao niditra ny trano fitsaboana fotsiny anefa izy dia fantatra ny zava-miafiny. Tratry ny manaramody ianao hoy ity mpitsabo ity ary tsy maintsy karakaraina haingana. Avy hatrany dia nampandroina izy ary nampisotroina rano manokana ihany koa. Avy eo dia notrorina tamin'ny menaka avy any Inde, ka nanomboka teo dia niova ny aretina. Miverena afaka telo andro hoy ity mpitsabo ity, satria mila alàna faran'ny lohany ianao. Teo vao niaiky tokoa ilay vehivavy, fa saika maty raha tsy voakarakara vokatry ny fitiavam-bola fotsiny, fa tsy niraharaha ny tokantranony. Menatra tamin'ny vady amanjanany izy, satria nipoitra ny nafenina, saingy efa nifona kosa ary nilaza fa fay tsy hanao intsony. Sitrana izy izao ary milamina tsara ny tokantranon'izy mivady.

**Namana**

Rugby Tompondakan'i Madagasikara Elite fédéral2

## Ho tontosaina amin'ny sabotsy sy alahady izao ny andro 1

Raikitra fa ho tontosaina amin'ny sabotsy 18 sy amin'ny alahady 19 septambra 2021 ho avy izao, ny andro voalohany amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara sokajy "Elite federal 2", amin'ny taranja rugby à XV. Antananarivo sy Mahajanga ary Toamasina no hiara-handray ny fifaninanana amin'izany. Sabotsy 18 septambra 2021 Kianja Makis Andohatapenaka : 09:00-Matadore Anosipatrana # Uscar 2 Commune. 11:00-Fta Anjanahary # Hiza 17 Angarangarana. 13:00-Afa Ankazomanga # Ftam Mandrangobato. 15:00-Ftat Anosibe # Asa Ambohimanarina. Alahady 19 septambra 2021 Kianja " Stade Gradin Mahajanga" : 13:00-Vtma Antsahalovana Tanà # Boeny Misôma Mahajanga. Kianja " Stade Lycée Privé Stella Maris Toamasina" : 15:00-Fbm Bemasoandro Tanà # Atsinanana Rugby Toamasina.

**Rainilita**



*Rugby Elite Federal 2.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 11/09/2021 hatramin'ny 18/09/2021**

**- ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07 / 034 22 222 07 / 033 85 991 20/032 24 705 51

**- TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17 / 033 05 207 17 / 034 05 207 17 / 032 05 207 17

**- ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81 / 033 90 338 34 / 034 48 788 96

**- MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85

**- MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78 / 032 12 456 78

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1209-09-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ORINASA AMBATOVY**

# Nanolotra trano sekoly ho an'i Beforona Moramanga

Mitohy ny asa sosialy ataon'ny orinasa Ambatovy manodidina ny toerana iasany any Moramanga faritra Alaotra Mangoro, sy any Toamasina faritra Atsinanana. Trano sekoly misy efitra 3 namboarin' ny Orinasa Ambatovy, no natolotr'izy ireo ho an'ny EPP Antanambao, Kaominina Beforona Distrikan'i Moramanga ny fian- dohan'ity herinandro ity. Tetikasa fanampiana nataon' ity orinasa ity, taorian'ny fandalovan'ny rivodoza, izay vatsian' ny tahirin'Ambatovy ho an'ny tetikasa sosialy vola, na ny "FIS", mitentina 134 taptrisa ariary. Amin'ny maha mpikambana feno ny orinasa Ambatovy eo anivon' ny fiarahamonina dia omeny lanja manokana ny fanabeazana ary atao-ny laharampahamehana ao anatin' ny fandraisana anjara amin' ny fametrahana ny fampandrosoana lovainjafy ao amin' ireo Faritra iasany izany, hoy ny filoha lefitra misahana ny fandrosoana lovainjafy ao Ambatovy Philippe Beaulne, nandritry ny lanonana fanolorana ny fanalahidin' ireto efitrano sekoly ireto tamin' ny lehiben'ny CISCO Moramanga, Razanamino Lisiniaina. Miaraka amin'izao fanomezana izao ny dabilio miisa 54, latabatra 4, seza 4, kit scolaire, kitapo ho an'ny mpianatra ao amin' ity EPP ity, izay mitentina 16 tapitrisa ariary.



*Trano sekoly vaovao namboarin'ny orinasa Ambatovy, ho an'ny any Beforona Moramanga.*

***Aly***

Orinasa Jirama

# Tsy tafaverina amin'ny laoniny ny lalana nolavahany

Manao asa fametrahana fantsona tamin'ny lalana amin'ny toerana maro samihafa eto an-drenivohitra, sy ny manodidina ny orinasa Jirama volana maromaro izao. Misy ao anatin'izany ny fandavahana ireo sisin-dalana amin'ny arabe iasany. Rehefa vita ny asa nataony dia manao ny asa famerenana amin'ny laoniny ireny lalana nolavahany ireny ity orinasa ity. Tsikaritra anefa, fa tsy tafaverina amin'ny laoniny tsara toy ny teo aloha ilay lalana, ary lasa miteraka olona ho an'ny mpampiasa azy avy eo. Itrangan'izany, ohatra, ny amin'ny lalana natao rarivato na pavé eny amin'ny vohitr'Ambohidrapeto Atsimondrano iny amin'izao fotoana izao. Teo aloha dia saika isan'andro, nisy vaky hatrany ny fantson-drano napetrany, hany ka lasa mamotaka izaitsizy ny lalana, na dia tsy nisy izany intsony aza teny an-toerana na andro fahavaratra be orana. Ankoatra izany, dia eo ireo kilavadavaka na lempona be amin'ny lalana, hany ka sahirana tokoa ireo fiara mpivezivezy amin'ilay lalana, hatramin'ny mpandeha an-tongotra. Miteraka olana amin'ny fivezivezena eny an-toerana izany. Lalana efa karazany vita tsara anefa izany lalana izany teo aloha. Voavaha ny olam-bahoaka izay lalan-tany teo aloha, fa vita rarivato na pavé taty aoriana. Izao indray anefa simba ilay lalana.
Mahatsiaro ho tomponandraikitra amin'ny fahasimban'ny fananana iombonana toy izany ve orinasa Jirama? Tsy lavina, mety ny asa atao ary ilain'ny mponina, fa tsy toy ny animban-javatra efa tsara sy mety. Mba mpiasa mahay manamboatra karazan-dalana ihany koa no tokony halefa amin'ireny toerana samihafa ireny, fa raha ny fahitana ny lalana eny Ambohidrapeto dia olona tsy mahafehy izany no nampiasaina. Hany ka tsy tafaverina amin'ny laoniny araka ny tokony ho izy ilay lalana. Fanatsarana ilay lalana mihoatra noho ny teo aloha aza no tokony ho andrasana amin'ny Jirama, raha manao ireny fandavahan-dalana ireny, fa tsy toy ny ataony amin'izao fotoana izao.

***Sôh'son***

Tsy fandriampahalemana

# Ao amin'ny PK 265 Brickaville no mateti-pitranga

*Ny faharatsian'ny làlana any anelanelan'i Brickaville sy Toamasina.*




Manoloana ny trangana tsy fandriampahalemana amin'ny làlam-pirenena faha-2, mampitohy an' Antananarivo sy Toamasina iny dia eo anelanelan'i Brickaville sy Toamasina, eo amin'ny PK 265 amin'ny kaominina Ambinaninony no tena ahitana trangana tsy fandriampahalemana, raha ny nambaran'ny mpitandro filaminana nihaona tamin'ny mpanao gazety tany an-toerana. Ratsy dia ratsy mantsy io làlana io, ka eo no manjaka ny asan-dahalo toy ny fanendahana fiara, ka tsy mifidy izy ireo na fiara madinika na fiara vaventy ihany koa. Nametrahana mpitandro filaminana any an-toerana ankehitriny ary mampita ny hafatra ho an'ny fitondram-panjakana, mba hijery akaiky iny toerana iny ny mpampiasa iny RN2 iny.

***Rajo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 365**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### TENY MIFANAPAKA N° 365




**Mitsivalana**

**1.** Mandainga - Tovona **2.** Biby masiaka (miv) **3.** Andro - Solfa **4.** Sakoroka - Tsirin-teny **5.** Mifanohitra amin'ny aoriana - Aia ? **6.** Anarana tanàna **7.** Teny mandrara - Fanekena **8.** Manga, fotsy, mavo - Fanomezana kely (miv) **9.** Mari-drefy - Karatra - Lalam-pirenena **10.** Milamina, moramora (miv)

**Mitsangana**

**A.** Tafika **B.** Biby manidina - Mahantra **D.** Voatsipy vato **E.** Hahita tombontsoa **F.** Namana hoy ireo zatovo - Anaty rano **G.** Ray, Aba - Tao **H.** Mpanondro - Androany **I.** Voatana eny am-ponja **J.** Manambara - Lavitra tsy hita maso **K.** Aizina - Ekena ao amin'ny finday

### Valiny Teny Tondro (0364)

***Mitsivalana***
- Volamena
- Asaly - AM
- Kalitao
- Naka (miv)
- May (miv) - Daba
- Baiko
- Sivy (miv) - AAA

***Mitsangana***
- Vaksiny
- Osa
- Lalamby
- Alik(a) - As
- Mitady
- Anaka
- Nao - BOA
- Ar(etina) - Ha

### Valiny Teny mifanaraka 0364

**Mitsivalana**

**1.** Fitaratra **2.** Anareo **3.** Aina - Antsa **4.** Inty - Tia **5.** Ar - Koa **6.** Atrika - Avo **7.** Noana - IV **8.** Ankiziko **9.** Gasy - Noro (miv) **10.** Fa - Mizara

**Mitsangana**

**A** Fiainana **B.** In - Tonga **D.** Tanteraka **E;** Anay - Siny (miv) **F.** Ra - Mizaka (miv) **G.** (V)aratra **H.** Teny - Zoky (miv) **I.** Rotaka - Ora **J.** Ovy - Ro (miv) **K.** Fanaovana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ireo avy amin'ny RMDM nitafa tamin'ny mpaanaao gzety omaly tao Bel'Air Ampandrana.**







